NOSY BE

# TERATANY VAHINY NAHATRARANA BASY 2, BALA MARO, RONGONY

2


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7573 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Sabotsy 20 may 2023


MARINA IZANY !

## TSY NISY NIPIKA !

7

Tsaroako ilay"...

3

EJEMA



## MANAO SALEGY SY MALESA REHEFA DIFY MOMPERA

FILOHA ANDRY RAJOELINA

7

# "HANAPOROFOINTSIKA NY FIHAVANANA NY LALAON'NY NOSY 2023"



LOLA RASOAMAHARO

7

## HIVOAKA AMIN'NY ZOMA HO AVY NY DIDIMPITSARANA



LALAON'NY NOSY 2023

3




# NIVOAKA OMALY NY SARY FAMANTARANA SY NY HIRA FANEVA

RANDRANA SENDIKALY

4



## "MIKOROSY FAHANA NY KARAMA AMIN'NY SEHATRA TSY MIANKINA"







Antsirabe

# Mpanendaka roa lahy, maty voatifitry ny polisy

Jiolahy malaza ratsy tamin' ny fanendahana sy vaky trano miharo fampihorohoroana ny mponina tao amin' ny fokontany Antanambao sy manodidina ny plaque Academia mihazo an'Ampihaviana iny no maty voatifitry ny polisy omaly tokony ho tamin'ny 8 ora maraina. Vaovao avy amina olona tsatra sitra-po no nahafantaran'ny mpitandro filaminana ny fanaon'izy roa lahy ireto ary efa nisy raha teo ny fitarainana voaray tamin' izany. Omaly maraina io ihany no nisy nahatsikaritra fa mifoka rongony tao amin'ny piste izy roa lahy. Nidina teny ifotony ny polisy



avy ao amin'ny UIR nanao ny fisamborana ary mbola tratra teo ampifohana rongony izy roa lahy. Ny fifohana rongony dia efa ampy hanenjahana azy araky ny lalàna saingy efa jiolahy rain-dahiny izy ireo araky ny vaovao voaray. Voalaza fa tsy nanaiky ny fisamborana azy ry zalahy fa nanohitra ny polisy ary namoaka antsy lava sy sabatra lava lela iray.


**Telo volana**

Niezaka nampitandrina ny mpitandro filaminana saingy vonona izy roa lahy ny hanohitra ka voatery nitifitra ny polisy, maty tsy tra-drano izy roa lahy. Nentina teny amin'ny kaomisaria ny razana nanavoan'ny BMH fizahana. Fantatra fa olona efa nisazy izy roa lahy maty ireto, hamantaran'ny maro azy eny amin'ny manodidina ny hoe le Tojo kely sy Paoly. Telo volana lasa izay no fantatra fa nanendaka mpivarotra koba teo amin'ny plaque Akademia izy roa lahy, nalainy tamin'izany ny vola matin'ity mpivarora koba ity nandritra ny iray andro. Ankoatra izay, vao tsy ela akory izay no nanendaka tovolahy iray teo amin'ny Akademia ihany izy roa lahy ka, darohany izay tratrany ary rehefa malemy vao robainy ny finday sy vola sy izay rehetra azo endahina. Tsy vitan'izany fa mbola manao vava sy fampitahorana ny mponina ry zalahy ireto fa izay sahy mitoroka azy amin'ny polisy dia ho vonoiny ho faty.

**Andry N./ Ariel D.**

Nosy be

# Teratany vahiny nahatrarana basy 2 sy bala marobe ary rongony



**Ireo fitaovam-piadiana tratra tao amin'ilay vazaha!**

Nandritra ny fisavana nataon'ny zandary tao amin'ity teratany vahiny iray tao Nosy be no nahatrarana fitaovam-piadiana maromaro, izay nahitana basy revolver iray nisy bala miisa valo ary basy poleta iray miaraka amin'ny bala telonjato mahery. Tsy nisy taratasy mazava avokoa ireo basy ireo na ny nividianana azy na ny fahafahany mitazona izany. Tsy vitan'izay fa mbola nahitana rongony efatra fonosana sy ambinambina rongony mahery vaika ihany koa tao aminy. Nogiazana avy hatrany ireo fitaovam-piadiana rehetra ireo sy ny rongony. Notanana ary nofotorana ihany koa ilay vazaha. Fa tamin'ny fanadihadiana ihany no nahafantarana fa efa lany tamin'ny 6 Aprily lasa teo ny taratasy(visa) hahafahany mijanona eto Madagasikara kanefa dia mbola miriaria ao Nosy be foana izy.

**Miparitaka**

Mbola tsy fantatra mazava mihitsy hatreto ny nampiasany ireo fitaovam-piadiana tratra tany aminy ireo. Toy izany koa ny momba ireo zava-mahadomelina. Mbola eo ampanaovana ny fanadihadiana tanteraka moa ny mpitandro filaminana any an-toerana amin'izao. Raha ny fanazavana azo hatrany dia miparitaka ao Nosy be ihany koa amin'izao ny zava-mahadomelina mahery vaika ka efa manao ny ezaka rehetra hamongorana izany ny mpitandro filaminana. Ireo tanora no tena lasibatra amin'izany. Anisan'ny antony iray mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ny fidorohana sy fitsindromana ireny zava-mahadomelina ireny.

**R.C**

67 ha

# Mpanao cash point maty voatifitra, voaroba ny vola 10 tapitrisa Ariary

Mpanao cash point no niharan'ny fanafihan-jiolahy mitam-piadiana teny 67 ha akaikin'ny tsenan'ny coum afakomaly tokony ho tamin' ny 6 ora hariva, ka ankoatra ny vola mitentina 10 tapitrisa ariary mahery dia maty voatifitr'ireo jiolahy ihany koa ilay rangahy tompontsena. Telo izy ireo dia ilay mpivady tompon'ny cash point sy lehilahy iray mpanampiny no niaraka ka teny an-dalana no nifanehatra tamin'ireo jiolahy telo nirongo basy. Araka ny fanazavana azo, nisakana ny lalan'izy ireo ny jiolahy ka nitifitra ireo olona nitondra vola. Ilay rangahy tompontsena ny iray amin'izany izay notifirina no sady nosintonin-dry zalahy ilay kitapo nisy vola teny am-babeny. Naratra mafy vokatr'izany io rangahy io. Fa mbola nitifitra ilay mpanampy ihany koa ireo jiolahy tamin'io satria nitondra vola izy fa tafatsoaka ka tsy naninona. Dia io lasan'ireo olon-dratsy io ny vola maherin'ny 10 tapitrisa ariary ary lasa nitsoaka izy ireo taorian'izay. Fa noho ny ratra mafy nahazo an'ilay rangahy voatifitra dia tsy tana intsony ny ainy. Ny fanampim-panazavana hatrany no nahalalana fa mpivady sy lehilahy iray mpanampiny no tany amin'ilay tsena. Nanidy tsena izy ireo ary teny andalana hamonjy fodiana handray fiara ho any Ankatso io lasibatry ny fanafihana io. Mety efa niandrasan'ireo jiolahy kendry tohina araka izany izy ireo. Mitohy ny fanadihadiana.

**T.H**

SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA

BFV - SOCIÉTÉ GÉNÉRALE, Société Anonyme avec conseil d'administration au capital de 14 000 000 000 MGA, inscrite au RCS D'ANTANANARIVO sous le N° 98b 00 711, N°stat 64191 11 1998 0 10078, nif 2000002711 siège social est sis à 14, Rue Général RABEHEVITRA, Antananarivo 101, inscrite dans liste des banques et établissements financiers sous le N° 008/ba/1998 - Tél. : +261 20 22 206 91 - site : www.societegenerale.mg

## AVIS DE VENTE DE VÉHICULES AU PLUS OFFRANT

**SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA met en vente aux plus offrants les véhicules suivants :**

| MARQUE-MODELE | DATE MISE EN CIRCULATION | INFORMATION TECHNIQUE | LOCALISATION ET CONTACT | PRIX MINIMUM DE VENTE AR TTC |
|---|---|---|---|---|
| SUZUKI VITARA | 2012 | **SUV 4*4,** 5places Moteur Essence, vitre électrique, avec clim, autoradio, Démarrage sans clé<br>ETAT : Mauvais | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 9 800 000 AR |
| RENAULT DUSTER 1 | 2010 | **SUV 4*4,** 5places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : accidentée, trains et partie moteur touché, ... Carrosserie bon | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 6 500 000 AR |
| RENAULT DUSTER 2 | 2011 | **SUV 4*4,** 5 places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : accidentée, trains et partie moteur touché, ... Carrosserie moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 5 054 000 AR |
| RENAULT DUSTER 3 | 2011 | **SUV 4*4,** 5 places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : probleme ratage et injecteurs, carrosserie bon | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 7 000 000 AR |
| RENAULT DUSTER 4 | 2011 | **SUV 4*4,** 5 places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : problème trains , carrosserie moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 5 000 000 AR |
| MITSUBISHI PAJERO | 2004 | **WAGON 4*4** 7 places, moteur Diésel, semi-électrique, jante alu, autoradio, climatisation, porte bagage<br>ETAT : Carrosserie moyen, moyen, problème pompe et trains | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 23 000 000 AR |
| CHEVROLET Spark | 2008 | **Citadine,** 5places ; moteur ESS, BVM, vitres semi électriques, clim, verrouillage centralisé<br>ETAT : problème allumage, carosserie mauvais | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 9 200 000 AR |
| CITROEN C4 1 | 2011 | **Citadine** 5places, moteur essence, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, jante ALU, verrouillage centralisé<br>ETAT : Problème allumage, trains, carrosserie moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 7 000 000 AR |
| CITROEN C4 2 | 2011 | **Citadine** 5places, moteur essence, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, jante ALU, verrouillage centralisé<br>ETAT : Problème système abs, carosserie bon | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 16 500 000 AR |
| NISSAN NP300 | 2013 | **Pickup DC 4*4,** 5places Moteur diésel, vitre manuelle, avec clim, avec autoradio, jante tôle, avec CANOPY<br>ETAT : probleme mécanisme portière, ligne d'echappement, carosserie moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 22 500 000 AR |
| HUYNDAI I20 | 2011 | **Citadine** 5places, moteur ESSENCE, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé,<br>ETAT : probleme train AV, verrouillage centralisé, carosserie bon | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 14 000 000 AR |
| MOTO HONDA 1 | 2013 | 1CV, 125CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 1 200 000 AR |
| MOTO HONDA 2 | 2015 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 850 000 AR |
| MOTO HONDA 3 | 2017 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 850 000 AR |
| MOTO HONDA 4 | 2017 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 850 000 AR |
| MOTO HONDA 5 | 2017 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen, FOURCHE | ANTANANARIVO<br>Contact : 034 59 871 94 | 850 000 AR |

Ces véhicules sont visibles du lundi au vendredi de 08 heures à 15 heures auprès des agences mentionnées, sur rendez-vous uniquement (contact indiqué pour chaque véhicule).

L'offre financière est à remettre à l'Agence de la **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA indiquée pour chaque voiture**– sous pli fermé avec la mention « **Avis de vente au plus offrant – Véhicules Mai 2023** », au plus tard le **mardi 30 mai 2023 à 15 heures**.

Pour les véhicules visibles à Antananarivo, l'offre est à remettre au Siège de la **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA, 14 rue du Général Rabehevitra, Antaninarenina** – A l'attention du **Responsable Logistique** sous pli fermé avec la mention « **Avis de vente au plus offrant – Véhicules Mai 2023** », au plus tard le **mardi 30 mai 2023 à 15 heures**

*****Tous les véhicules sont vendus en l'état.***

GCL 511/6-4

Lalaon'ny Nosy 2023

# Nivoaka omaly ny sary famantarana sy ny hira faneva

Notanterahana tetsy amin' ny CCI Ivato omaly ny lanonana nampahafantarana ny sary famantarana sy ny hira fanevan'ity andiany faha-11 ny Lalaon'ny Nosy 2023 ity. Olo-manakaja maro, notarihan'ny filoham-pirenena no nanome voninahitra sy nanatrika izany. Anisan'izany ny filohan'ny CIJ, Antonio Gopal, izay nanokatra ny kabary nifandimbiasana, ka naneho ny hafaliana amin' ny fanatrehana mivantana izao hetsika izao. Ny Minisitra André Resampa ihany koa dia nisaotra ny filoham-pirenena, izay nanao ny ezaka rehetra hahafahana mandray ny Lalao. *"tsy sambany i Madagasikara nandray fifaninanana ngezabe toy izao fa efa betsaka, azo antoka fa hiavaka ary tsara lavitra noho ireo teo aloha izany"." Sambany no misy hoe mandritra ny fivorian'ny CIJ no hampisehoana ny sary famantarana sy ny hira faneva toy izao"*, hoy hatrany ingahy Minisitra, izay nanamafy *"fa miendrika dingana manokana izao, ary hitondra sy hiantoka ny fiombonana ho an'ireo Nosy rahavavy izany fa tsy hijanona ho an'ny vahoaka Malagasy irery"*. Nandritra ny lahateniny kosa no nilazan'ny filoham-pirenena, Andry Rajoelina, fa andro lehibe ho an'ny fanatanjahantena androany, izay nampisehoana ny logo sy hira faneva. *"Endrika iray hampisehoana ny firaisankina sy firaisan-tsaina ny lalao, nezahana nasiana ireo mpanakanto avy amin' ny faritra rehetra nandray anjara amin'ny hira faneva, izay nisy dian-tanako satria zava-dehibe loatra ity Lalao ity."* "Nametraka faneva isika dia ny hoe fandresena anatin'ny firaisain-kina sy fahasamihafana". Nametraka fanamby i Madagasikara mba ho fahombiazana tanteraka ity andiany ity, izay ity no ngezabe indrindra". Nampanantena ny tenany fa ho mendrika avokoa ireo fotodrafitrasa na ny fampiantranoana izany na ny hanaovana ny Lalao. Nofaranana tamin'ny fampisehoana ny maripamantarana (Maki)sy ny hira faneva izany, izay handraisan'ireo mpanakanto maro anjara.




**Rabenaivo**

Kanetibe

# Raikitra ny fifaninanana karakarain'ny SLK FJKM Kristy fiorenana Ankazomanga

Ho tanterahina anio tontolon'ny andro, eny amin'ny tokontanin'ny FJKM Kristy Fiorenana Ankazomanga, ny fifaninanana taranja kanetibe, izay natokana ho an'ny Sampana rehetra ao amin'ny fiangonana irery ihany, ary karakarain'ny Sampana Lehilahy Kristianina ao amin'ity fitandremana ity. Tafiditra indrindra ao anatin'ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny SLK izao fifaninanana izao. Araka ny fanamarihana nataon'ny tomponandraikitra dia mbola hisy fifaninanana hanasany ny fiangonana rahavavy hafa. Ny fitsipika mifehy ny fifaninanana dia tsy mivaona amin'ny ataon'ny rafitra federaly (Section – Ligy – Federasionina). Misy fepetra arahina, dia ny tsy fahazoan'ny mpilalao sy ny mpijery mifoka sigara sy misotro toaka ao anatin'ny tokontanim-piangonana.

**a.r**

Nosy Be- Ravinala Airport

# Nanao fanazaran-tena hampiharana ny drafitra vonjy taitra

Manaraka ny lalàm-pandaminana an'habakabaka mifehy ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena ny Ravinala Airports any Nosy be Hell ville. Manoloana izany dia niatrika fanazaran-tena hiomanana amin'ny loza mety hitranga ireo mpisehatra amin'ny vonjy voina any an-toerana. Vincent Robert, tompon'andraikitra amin'ny vonjy taitra ao amin'ny seranam-piaramanidina Paris-Charles de Gaulles no nitondra sy nampita ny traikefany. Ity karazana fanazaran-tena ity dia manampy amin'ny fampitomboana ny fahatokisana sy ny fahombiazan'ny mpamonjy voina tsirairay raha sendra misy hamehana hitsapana sy manamarina ny fomba fiasa, ny fiofanana ary ny fitaovana araka ny fanazavan'ny kaomandin' ny seranam-piaramanidina ao Nosy be, Tefy Antonio Patrick Rajaonah. Ankehitriny dia mijoro ao Nosy Be ny foibem-pitondrana vonjy taitra (CDOU) ka ny préfé ao Nosy be, Malaza Ramanamahafahay no mitarika izany. Nambarany fa "Tsy maintsy manomana ny tsy azo ihodivirana isika. Zava-dehibe ny fiandrasana amin'ny fitantanana amimpahombiazana izay loza mety». Tetsy ankilany i Caroline Petit, Talen'ny Ravinala Airports dia nilaza fa « Tanjona ny fiomanana amin'ny fianjeran'ny fiaramanidina ka ilaina ny mijery ny fomba fiasan'ireo mpiantsehatra, ny fitsirihana ny fahombiazan'ny fomba fiasa, ny fitaovam-pifandraisana, ny maha olona ary ny fitaovana". Nandray tamin'ny fanazaran-tena moa ny Prefektioran'i Nosy Be, Kaominina an-drenivohitra Nosy Be, Ravinala Airports, ACM, Groupe ADP, PAF, CVSF, Douanes, Zandarimariam-pirenena, ADEMA, Detachment andranomasina, miaramila, Amarante, CIS, ATOM, Madagascar Airlines - Tsaradia, Air Austral, Neos, MGH, ADRASEC, Porters and Ethiopian Airlines, Fitosanitary Service.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha ny Tompo no fitaratra dia mba iza moa ianao ? Aoka IZY no ho filamatra hibahana ao an-tsainao ao, dia holazaiko anao hoe iza tsara moa ianao ? "
Ny Vetso (08 .11. 13)
("Dis-moi ce que tu aimes, je te dirai qui tu es.")
("Dis-moi qui tu hantes, je te dirai qui tu es."
Proverbe français/ On juge une personne d'après la société qu'elle fréquente.)

## Tsaroako ilay ...

Ejema

# Manao salegy sy malesa rehefa dify mompera

*"Djarina Balou", "Lehilahy joby", "Raha mba fantatrao". Izany no hira tsy afaka ambavan'ny maro raha vao miresaka hoe Ejema. Mpampandihy, mpitendry, mpihira, mpamoron-kira ny lehilahy. Efa misalotra ny maribonina-hitra : "Commandeur de l'Ordre des Arts des Lettres et de la Culture". Anio kosa, ireto misy sombim-pahatsiarovana niainany :*

**Manao salegy sy malesa rehefa lasa i Mompera**

Tany Befandriana avaratra no tany nahabe an'i Ejema. Nanamarika azy tamin'izany ny chorale nisy azy izay notarihin'i Mompera Ignace, ka nahatonga azy ho lasa mpanakanto. Mbola 14 taona izy tamin'izany (1983). Tamin'izany no nahaizany nively « batterie ». Ka raha vao midify fotsiny mompera dia raikitra ny malesa sy ny salegy. Francis Boys no anaran'ny tarika tao ampiangonana nisy azy tamin'izany, izay zazalahy daholo ny mpikambana. Nahitana an'i Liva Juste Camarade (mpitendry gitara) ; Rovelt ( lasa zandary) ary Ranaivo lasa Chef distrikan'i Maintirano taty aoriana. Taty aoriana nianatra « clavier », dia nahay ihany koa. Tamin'izany, mompera Christian sy mompera Ignace no mpitary fivavahana tany an-toerana. Tonga any an-tranony ireo ary efa tratra nifoka sigara i Ejema dia bediny.

**Raiki-tory teo am-pivelezana batterie**

Tamin'ny faraparan'ny taona 80 handray ny taona 90 tany no tena natanjaka sy nanjaka tanteraka ny tarika Ejema. Fiara 504 baché no entin'izy ireo mitety faritra tamin'izany. Isan'andro, izany hoe 30 andro amin'ny 30 andro tsy ankiato miaka-tsehatra foana. Io fiara io no mitondra ny fitaovana rehetra sy ny fanamafisam-peo ary ny tarika iray manontolo. Mandeha toerana iray tamin'ny faritra Diana iny, dia avelatra ny fitaovana ; vita ny fampisehoana, ampiakarina ny entana, dia lasa indray. Zara raha matory nefa ny karama tamin'izany 15.000 fmg isan'andro. Efa taty amin'ny taona 89 ka hatramin'ny 92 aza mbola 50.000 fmg. Matory anatin'ilay fiara ihany, tsy mifoka sigara ; tsy misotro toaka ; indraindray lasary manga no hihinanam-bary farany tratran'ny tiberkilozy.

**Nangonin'i Fy**

Ady totohondry - JIOI 2023

# Efa vonona ny federasionina

Anisan'ny taranja hifaninanana amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 ny taranja ady totohondry. Efa ela nanomanana izy ireo na dia mbola ity federasiona ity ihany aza hatreto no mandray an-tanana ny fikarakarana ny fampivondronana. Ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, nanatanteraka katrokady hifantenana ireo atleta, hiatrika ny fampivondronana faharoa izy ireo. Nomarihan-dRanaivo Thierry Mpanazatra nasionaly, 56 no nanaraka ny fampivondronana voalohany, izay nanomboka tamin'ny 1 may ka nifarana tamin'ny 13 may. Ny roa isakin'ny sokajy kosa sisa no tazomina amin'ny fampivondronana faharoa. Ny federasiona no niantoka iny fampivondronana voalohany iny, hoy ny filohan'ny, Rabarisoa Hery Mamy, nanampy koa ny Ans tamin'ny fampiantranoana sy ny KOM ary ny MJS, izay hitondrany fisaorana avokoa. Anisan'ny tena olana ny fampitaovana raha ny nambaran'ny filohan'ny federasiona, toy ny gants, sac de frappe sy ny maro samihafa, izay iantson'izy ireo ny Minisitera mpiahy hijery akaiky.

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-18)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 540/15-4)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 548/10-9)

* Cours de massage 3 jours assuré par des Professionnels. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 548/10-9)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 548/10-9)

### VIDANGE

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33. (G-BA 543/20-17)

* Fosse septique puisard, wc perdu Makiplast, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 556/15-4)

Randrana Sendikaly

# "Mikorosy fahana ny karama amin'ny sehatra tsy miankina"

Noraisina nandritra ny filankevitry ny minisitra ny alarobia lasa teo ny didim-panjakana mamaritra ny karama farany ambany amin'ny fandraisana mpiasa sy ho an'ireo am-perinasa. Ho an'ireo mpiasa sokajy MI-A, nakarina 238 800Ar raha 217 000Ar ho an'ny sehatra hafa ankoatran'ny sehatry ny fambolena ary nakarina 242 200Ar kosa raha 220 200 Ar ho an'ny sehatry ny fambolena. Mihatra manomboka ny 1 janoary 2023 izany karama izany. Voalaza ao ihany koa fa ho fanajana ny fanapaha-kevitry ny filoha izay notanterahina ny didim-pitondrana lf 24545/2022 tamin'ny 21 septambra 2022 izay mamaritra ny karama farany ambany isam-bolana ho 250 000Ar ho an'ireo sokaly MI hatramin'ny OPIB ho an'ny taona 2022, dia nifanaraka ireo mpiara-miombon'antoka aratsosialy fa atao 250 000 Ar ny karama farany ambany nanomboka ny 1 may 2022. Noraisina izany fanapahankevitra izany taorian'ny fihaonanana teo amin'ny filohan'ny repoblika sy ireo filohan'ny vondron'ny sehatra tsy miankina toy ny GEM sy ny SIM, GEFP ary ny FIVMPAMA.

**Randrana sendikaly**

Mikoroso fahana ny sehatry ny asa eo amin'ny tsy miankina hoy Rakotomanga Barson, filohan'ny Randrana Sendikaly raha azo an-telefaonina omaly. Mihemotra mankany amin'ny ratsy, tsy misy fifampiresahana satria voaporofon'io filankevitry ny minisitra io fa tsy nisy fakankevitra na kely aza natao tamin'ny CNT na sendikan' ny mpiasa mialohan'ny namoahana fanapahankevitra goavana toy izao. Ny tena loza, dradradradraina ny fanatrarana ny ODD 8 kanefa tsy hisy mihitsy ny asa mendrika eto raha izao zava-misy izao no resahina. Tsy tokony hisy karama mihena izany fa tsy maintsy miakatra foana araka ny lalàna velona misy mifehy ny asa eto amintsika. Tsy voahaja ny fampiharana ilay lalana nivoaka tamin'ny jolay 2022 satria vitsy ny orinasa nampihatra ilay 217 000Ar miampy ilay 33 000Ar fanampiana avy amin'ny fanjakana. Misy amin'ireo orinasa nampihatra izany 250 000Ar anefa tapaka ny fandraisana volan-jaza eny amin' ny CNaPS satria voalazan' ny Randrana Sendikaly hatrany fa tsy voaloan'ny fanjakana ilay fanampiana. Hisy ny hetsika ho karakarain' izy ireo hanoherana izao zava-misy izao ato ho ato.

**Nath**

Ady amin'ny herisetra

# Mpianatra 800 nanaovana fanentanana

Maro ireo tranga herisetra hita eny anivon'ny sekoly. Mpianatra kilasy fahatelo ka hatramin'ny kilasy famaranana manodidina ny 800 tao amin'ny lisea Miarantsoa Anjanahary no nanaovan'ny ONG C-For-C fanentanana tamin'ny alalan'ny tetikasa Sahala. Misehatra amin'ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny maha lahy na maha vavy ity tetikasa ity. *"Tsy mihoatra ny ora iray isaky ny kilasy ny fanentanana, izay miendrika kilalao sy fanontaniana. Ohatra amin'izany ny fampianarana azy ireo fa tsy misy raharaha na kilalao na asa tsy azon'ny lahy na ny vavy atao. Eo koa ny fampianarana azy ireo hamatatra ny teny mamy sy mandratra."*, hoy i Taitsy Hangaseva, tomponandraikitry ny serasera ao amin'ny tetikasa Sahala. Nanomboka ny taom-pianarana 2021-2022 no niarahan'ity sekoly ity niasa tamin'ity tetikasa ity. *"Nampianarina an'ireo mpianatra ny fisian' ireo karazana herisetra, dia ny ara-tsaina sy ara-bola ary ny ara-batana sy aranofo. Tafapaka ny hafatra, satria nihena ny adiadin' ankizy tato an-tsekoly."*, hoy ny talen'ity sekoly ity, Elisandy Andriamiarantsoa. Notokanana tamin'ny talata lasa teo ny takelaka manamarina ny maha sekoly miady amin'ny herisetra ny lisea Miarantsoa.



96 ireo sekoly efa niara-niasa tamin'ny tetikasa Sahala.

**R. Muray**

EPP Ambohimarina Ambohimanga Rova

# Notoloran'ny Star sy Rotary paompy vaovao

Olana goavana eo anivon' ny EPP Ambohimarina izay hita eny Ambohimanga Rova ny resaka rano satria any amin'ny 500m miala ny sekoly vao mahita rano. Araka ny fanazavan'ny talen-tsekoly, Tsimbazafy Harifeno: "*tena ilaina be ny rano na io ampiasaina amin'ny fanadiovana na ho sotroina ary indrindra amin' ny fandrahoana sakafo ao amin'ny cantine. Vahaolana vonjimaika hitanay ny fanentanana ireo mpianatra hitondra rano amin'ny tavoahangy avy rehefa maraina. Noho ny tsy fandriampahalemana, tsy azonay atao ny mandefa ny mpianatra hatsaka rano miala ny faritry ny sekoly satria tsy ho voaaramaso any. Manampy be anay eo anatrehan'izany ity fotodrafitrasa fahazoana rano fisotro madio namboarin'ny Star sy ny Rotary ity."* Tsy natokana ho an'ny mpianatra ihany fa afaka maka rano eo ihany koa ireo mponina manodidina ny 400 araka ny fanazavan'i Mamitiana, Rotaract Iarivo. Mitentina 11 tapitrisa Ar ny sandambidin'ity fotodrafitrasa vaovao izay. "*Misantatra ny asa sosialy ataon'ny Star amin'ity taona ity izao fitokanana fotodrafitrasa fahazoana rano fisotro madio eny Ambohimanga Rova izao. Tsiahivina fa ny sehatry ny fanabeazana, fahasalamana, tontolo iainana dia ao anatin'ny politika RSE an'ny Star avokoa.* " hoy kosa Seheno Randriambolamanana, talen'ny Serasera eo anivon'ny Star.



Hanala fahasahiranana ireo mpianatra sy ny mponina izao fotodrafitrasa fahazoana rano fisotro madio izao.

**Nath**

Fampiasam-bola ao Frantsa

# Voasolontena tamin'ny "Choose France" ny mpandraharaha malagasy

Notanterahina tamin'ny 15 may lasa teo, tao amin'ny "Chateau de Versailles" any Frantsa, ny andiany fahenina amin'ny "Choose France" na ny Fihaonana an-tampony ho an'ny fampiasam-bola Ivelany. Maherin'ny 200 ireo mpitantana orinasa nasaina, ka anisan'izany ny mpandraharaha malagasy Ylias Akbaraly, filoha tale jeneralin'ny Redland misy ny vondrona Sipromad sy ny "GaitesAir" ary ny "Holding de Thomson Broadcast". Efa fanintelony no voaasa tamin'ity hetsika ity i Ylias Akbaraly noho ny fampiasam-bola ataon'ny vondrona tantaniny ao Frantsa. Tsiahivina fa tamin'ny taona 2018 no nahazoany ny orinasa frantsay "Phenyxia Thomsom Broadcast" ary mbola mikasa ny hanitatra ny fampiasam-bolany ao amin'ity firenena ity amin'ny alalan'ny fampitomboana isa sy ny fanitarana ny faritra misy ny indostriany. Anisan'ireo mpandraharaha vahiny goavana nanatrika ny hetsika tamin'ity taona ity i Elon Musk, filoha tale jeneralin'ny TESLA, i Bob Iger, filoha tale jeneralin'ny "The Walt Disney Company", ny filoha tale jeneralin'ny NOKIA, sns. Tao anatin'ny dimy taona namoronan'ny Filoha Emmanuel Macron ny "Choose France", dia efa nahatratra 6 910 ireo tetikasa fampiasam-bola Ivelany teo anelanelan'ny taona 2017 sy 2021 ary nahafahana nitazona sy namorona asa teo amin'ny 182 900. Tafakatra 13 miliara Euro kosa ny fampanantenana fampiasam-bola nataon'ireo orinasa nandray anjara tamin'ity andiany fahenina ity.

**R. Muray**

Fifidianana- "Centre Arupe"

# Namoaka fehinkevitra hisian'ny filaminana

Entina hiomanana amin'ny fifidianana dia namoaka fehinkevitra hisian'ny filaminana ny teny amin'ny fivoriambe "Centre Arupe" Faravohitra. "*Ho fiomanana amin'ny fifidianana hisian'ny filaminana sy antoka amin'ny ho avy mahakasika fifidianana hatao amintsika no natao teto. Nizara telo ny dinika natao : ny etika izay fomba entina miaina sy maiatrika ny fanaovana politika. Ny anjara toeran'ny zo ao amin'ny raharaham-pirenena ary farany: ny kolontsaina amin'ny fifanakalozan-kevitra. Nisy fehinkevitra noraisina mpizaika rehetra"*, hoy ny Mompera Razafinandraina Noël Marie Cyprien Médard tamin'ny mpanao gazety. Nisongadina fa efa taona maro no mihena ny toe-tsaina maha-olom-pirenena ary mitombo ny fihantsian'ny vahoaka ireo mpisehatra politika. *" Zava-dehibe amin'ny fampiroboroboana ny etika politika ny fanabeazana ny ankizy sy ny tanora mba hiomana bebe kokoa amin'ny fandraisana andraikitra amin' ny maha-olompirenena. Ny fanabeazana dia miatomboka ao an-tokantrano ka hatrany an-tsekoly amin'ny ambaratonga rehetra Takiana ny mpisehatra politika amin'ny famolavolana ny vina mba hifanaraka amin'ny filàn'ny fiarahamonina sy izay azo tanterahana"*, hoy kosa ny Mompera Mamy William izay mpandrindra ny "apostolat social et écologique" ao amin'ny fikambanana Zezoita eto Madagasikara. Tao koa ny solontenan'ny FFKM ka nilaza fa *"Izahay koa dia hisoroka ny mety hisian'ny korontana mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana. Ny fehinkevitra avy amin'itony dia ho entinay sady manampy ary mitovy ny tanjona"*, hoy Atoa Rakotoarivelo Mamy izay andrimaso eo anivon'ny FFKM.

*Nisongadina fa efa taona maro no mihena ny toe-tsaina maha-olom-pirenena ary mitombo ny fihantsian' ny vahoaka ireo mpisehatra politika.*

**Heriniaina A.**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Ôly




## Masoandro Miposaka

### Efesiana 4: 4-6

4 Iray ny tena, ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anareo ho amin'ny fanantenana iray momba ny fiantsoana anareo;
5 iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa,
6 iray Andriamanitra sady Rain'izy rehetra, Izay amboni-n'izy rehetra sy manerana azy rehetra ary ao amin'izy rehetra.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary


Takatra







## Ohabolana



**Ny iray tsy tia mafana, ary ny iray tsy tia mangatsiaka, ka ataovy marimaritra iraisana.**

L'un n'aime pas chaud, l'autre n'aime pas froid, donc faites tiède pour rester d'accord.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2954**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 9 | | | | | | | |
| | 4 | | | 1 | | | | |
| 5 | 1 | 7 | | | | 2 | | 8 |
| 7 | | | 6 | | 5 | | | |
| 2 | 8 | | | 4 | 1 | 9 | | |
| | | | 2 | | | | 4 | 7 |
| 1 | 2 | | | 6 | | 8 | | |
| | | 8 | 9 | | | 7 | | |
| | | | | | | | 5 | |

Valin'ny laharana **2953**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 7 | 9 | 2 | 5 | 4 | 6 | 1 | 3 |
| 2 | 1 | 4 | 3 | 8 | 6 | 5 | 9 | 7 |
| 5 | 6 | 3 | 9 | 7 | 1 | 8 | 2 | 4 |
| 9 | 3 | 8 | 4 | 1 | 2 | 7 | 6 | 5 |
| 1 | 5 | 6 | 7 | 9 | 3 | 2 | 4 | 8 |
| 7 | 4 | 2 | 5 | 6 | 8 | 1 | 3 | 9 |
| 6 | 2 | 7 | 8 | 4 | 9 | 3 | 5 | 1 |
| 4 | 8 | 1 | 6 | 3 | 5 | 9 | 7 | 2 |
| 3 | 9 | 5 | 1 | 2 | 7 | 4 | 8 | 6 |

## Marina izany !

### Tsy nisy nipika !

**Ny alarobia lasa teo no namarana ny fitsidihana nataony eto Madagasikara ny sekreteram-panjakana eo ambany fiahian'ny minisitra misahana an'i Eorôpa sy ny raharaham-bahiny, miandraikitra ny fampandrosoana ny tany miteny frantsay sy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena. Tsiahivina fa nandray anjara tamin'ny filankevitry ny minisitra ao amin'ny COI (Commission de l'Océan Indien), notanterahina teto amintsika io iraka manokan'ny reny malala io. Ny talata lasa teo kosa no noraisin'ny filoham-pirenena, teny amin'ny lapampanjakana Iavoloha i Chrysoula Zacharopoulou. Tsy nisy nipika ny dinika teny an-dapa. Hatramin'ny omaly aloha dia tsy nampahafantarina ny olom-pirenena, toy ny mahazatra isaky ny misy fihaonana ôfisialy ny lohahevitra noresahana. Ny hany tokana nolazaina dia fanamafisana ny fiaraha-miasan'ny firenena roa tonta. Rehefa miresaka reny malala anefa, miainga amin'ny trangan-javatra nanamarika ny fifandraisan'ny roa tonta, tato anatin'ny taona vitsivitsy dia manitikitika ny saina ny fanontaniana hoe: noresahana ve ireo nosy 5 (Tromelin-Glorieuses-Juan de Nova-Europa-Bassas da India) izay niteraka adihevitra eo amin'ny firenena roa tonta ny fomba itantanana azy. Anisan'ny noresahana ihany koa koa ny mikasika ny « Apollo 21 », raharaha voalaza fa nikononkononana fikasana hanongam-panjakana ary misy tera-tany Frantsay roa nampidirina am-ponja eto amintsika. Trangan-javatra fantatra fa somary nampari-sarisa ny fifandraisan'ny firenena roa tonta. Mbola fanontaniana iray hafa manitikitika ny saina ihany koa ny hoe : Anisan'ny noresahana ve ny fanamboarana teleferika izay tsiahivina fa raha hotanterahina dia avy amin'ny reny malala ny famatsiam-bola!**

Voahangy Rakotozafy

Fitoriana an'i Lôla Rasoamaharo

## Amin'ny zoma ho avy izao no hivoaka ny didim-pitsarana

Omaly maraina no niakatra fitsarana, teny Anosy ny tale jeneralin'ny orinasa « La Gazette de la Grande Ile », Lôla Rasoamaharo. Tsiahivina ilay raharaha halatra herinaratra izay tsiahivina fa tamin'ny taona 2018 no nitranga ary io no heloka mbola nanenjehana azy. Tamin'ny 8 ora sy sasany maraina teo ho eo no tonga teny an-toerana io mpanao gazety io sy ireo nanotrona azy ary tamin'ny 2 ora tany ho any no niatrika fitsarana. Taorian'izay no nampahafantarina fa amin'ny zoma ho avy izao no hivoaka ny didy mahakasika io fiampangana an'i Lôla Rasoamaharo io. Itsy farany moa izay naverina eny amin'ny fonjan'Antanimora, taorian'ny fandalovany teny amin'ny tribonaly Anosy. Andrasana ny didy havoakan'ny fitsarana izay efa vinavinain'ny mpomba azy sahady fa ho henjana, noho io raharaha io efa nahabe resaka ho mamofompofona resaka pôlitika.

V.R.

Filoha Rajoelina Andry

# "Hanaporofointsika ny fihavanana ny Lalaon'ny Nosy 2023"

*Notsindrian'ny Filoha Andry Rajoelina fa nisy dian-tanany ny famolavolana ity hira fanevan' ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 ity.*



Ireo mpikamban'ny CIJ niaraka tamin'ny Filoha Rajoelina teny Ivato.

Raikitra ! Azo antoka ankehitriny fa hotanterahina eto amintsika ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11. Tamin' ny alalan'ny lanonana goavana izay natao teny amin' ny CCI Ivato omaly no nampahafantarana tamin'ny fomba ofisialy ny sary famantarana sy ny hira fanevan'ity Lalaon'ny Nosy ity. Teo anatrehan'ireo olomanan-kaja ambony isantsokajiny izay notarihan'ny Filoha Andry Rajoelina niaraka tamin'ny filohan'ny Vaomiera iraisampirenena fanatanterahana ny lalao na ny CIJ. Nambaran'ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny lahateny izay nataony fa "*endrika iray ho entina hanaporofontsika ny fihavanana sy ny firaisankiana ary ny firaisan-tsaina ity Lalaon'ny Nosy 2023 ity* ». Namafisiny fa mila aseho ao anatin'izany fa miray hina ny vahoaka malagasy, ary miara-mientana amin'ny mpanao fanatanjahantena rehetra. Notsindirany koa fa nisy dian-tanany betsaka ny famolavolana ny hira fanevan'ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 na ny feony izany na ny tonony. Saika hita ao anatin'izany avokoa ireo mpanakanto rehetra manerana ny nosy. Raha tsiahivina, efa fanitelony izao no nandraisan'i Madagasikara ity lalao izay ahitana ny fandraisana anjaran' ireo nosy manodidina aty amin'ny Ranomasimbe Indiana ity. Nilaza ny Filoha Andry Rajoelina fa isan'ny tarigetra napetraka mandritra ny fanatontosana ity lalaon'ny nosy ity ny hoe : "La victoire dans l'unité et la diversité na Fandresena ao anatin'ny firaisankiana sy ny fiaraha-mientana, ary ny fahasamihafana".

JUDD

Raharaham-pirenena

# Mandrahona hidina an-dàlambe ny vovonana G5

Raha mbola tsy tapitra akory ny adihevitra manodidina ny fananganana rafitra tetezamita dia mivoaka any indray ny adisisika amin'ny tokony hirosoana amin'ny fikaonandoham-pirenena. Omaly, nanao tsindry amin' ny fanjakana mba hikarakara izany fifampidinihana politika handraisan'ny herivelona rehetra anjara izany ny teo anivon'ny Vovonana G5 ary mandrahona ny hidina an-dalàmbe raha tsy tanteraka izany. "*Takianay ny mba handraisan'ny fitondram-panjakana andraikitra eo amin'ny famoahana ny tetiandro hanatanterahana ny fikaonandoham-pienena miainga eny ifotony. Manome fe-potoana 15 andro anareo mpitondra panjakana izahay hamaliana izany. Raha sanatria ka tsy manolotra izany tetiandro izany* ianareo dia voatery hiroso amin'ny fidinana andalambe izahay vondronkery rehetra miaraka amin' ny G5", hoy ny fanazavana. Marihana fa isan'ny mpikamban'izany ny Vondrona Panorama, ny HIFFIM, ny Vondrona Politika Hafa Miray ary ny HPM.

Mamy R.

Avotantsika Miaraka i Madagasikara (A.M.M)

# Manohitra ny fambolena korontana amin'ny endriny rehetra

Nampahafantarina teny Andohanimandroseza tamin' ny fomba ofisialy omaly ny fijoroan'ny Vovonana Amboarintsika Miaraka i Madagasikara (AAM). Filoha mpitarika izany ny Filoha lefitry ny Antenimierampirenena sady solombavambahoaka voafidy tany Tsihombe Masy Goulamaly. Tanjona tamin'ny fananganana ny vovonana, araka ny fanazavana ny mba hampirisihana ny ankamaroan'ny Malagasy mbola mitana ny fahanginany mba hitondra ny heviny hamoahana ny firenena ao anatin' izao fahantrana izao. Manaraka izany, tsy nivilivily io olom-boafidy tany Tsihombe io raha nilaza fa manohitra ny tetika fambolena korontana eto amin'ny firenena manomboka mahazo vahana eto amin'ny firenena ankehitriny ny vovonana AMM tarihany. "*Mandohalika noho ny fahantrana ny Malagasy. Araka izany, tsy mila korontana sy fanavakavahana isika saingy kosa mila mifanome tànana. Ambonin'izany, tsy vitan'ny olon-tokana ny fampandrosoana ny firenena koa mila mifampiresaka sy mifanome tànana ho tombontsoan'ny taranaka isika* », hoy ny depiote Masy Goulamaly tamin'izany.

Mamy R.

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 090 - 05 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### "SOUPE TAMATAVE"

**Zavatra ilaina :** - Tongotr'akoho - Tongotra kisoa- Hoditra kisoa, - Sakamalaho, - Tongolo gasy, - Sira, - Zava-manitra izay tiana.

**Fikarakarana :** Ketrehina miaraka daholo ireo zavatra ilaina mandritra ny adiny telo farafahakeliny na mandritry ny andro (na alina) raha tiana harihitra tsara sy hivoaka daholo ny hanitra sy tsiro. Aza hajanona raha tsy somary miova fotsifotsy tsara ny rony (Bouillon) fa izay maha "soupe tamatave" azy. Andramo ka rehefa hitanao fa matsiro tsara ilay Rony, dia malalaka be ianao amin'ny zavatra afagaro aminy. Ohatra hoe : Atody - "Pâtes" - "Demi lune" - Tongolo maitso sy persily- "Boulette chinoise", "Mortadelle", "Tsatsio".

**AVIS DE MODIFICATION**
Suivant PV du 03/05/23, enregistré au bureau du CF3, F° 09 N° 97 Vol. AC 61 du 15/05/23, l'associé unique de la Société SHIMAO MD a décidé :
- Ouverture d'un magasin succursale.
G-CL 518/1-1

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**
Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".
*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*
*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*
Anarana : Fanampiny :
Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

airtel
AU-DELÀ DE **L'IMAGINATION**

